## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**24/09/2022 hatramin'ny 01/10/2022**

**- DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49

**- HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22

**- ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64/034 84 322 64

**- TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14

**- RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1351-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TOROHAY NA TOROHEVITRA ARA-PAMBOLENA

# Nandray anjara tamin'ny atrikasa tany Cameroun i Madagasikara

Nandray anjara tamin'ny atrikasa tany Cameroun momba ny torohay ara-pambolena i Madagasikara. Naharitra 4 andro izany atrikasa izany, atrikasa iraisam-pirenena momba ny torohay na torohevitra ara-pambolena na conseil agricole, izay natao ny 26 ka hatramin'ny omaly 29 septambra 2022 tao Yaoundé Cameroun. Ny lanonana dia natao teo anatrehan'ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fampandrosoana ambanivohitra Kameroney, ny Talen'ny AFD, ny minisitry ny Fitantanam-bola, ny minisitry ny Fiompiana sy ny Jono ary ny Indostria kameroney.


*Ireo mpandray anjara tamin'ny atrikasa momba ny torohay na ny torohevitra ara-pambolena.*

Mandray anjara amin'io atrikasa io ireo teknisianina avy amin'ny minisiteran'ny Fambolena sy ny fiompiana Malagasy, sy ny avy amin'ny FDA (Fond de Developpement Agricole) ary ireo solontenan'ny tantsaha mpamokatra Malagasy, izay mpikambana ao amin'ny vondrona FIFATA. Ny tanjon'ny atrikasa dia ny hampitaha ny fahatakarana ny famatsiam-bola, ho fampandrosoana ny tontolon'ny famokarana sy ny rafitra torohay ho an'ny mpamokatra sy vondrona mpamokatra aty amin'ny firenena afrikanina, toa an'i Madagasikara, Sénégal ary Cameroun.

Ho an'i Madagasikara manokana dia efa nisy ny dingana fifampidinihana nasiônaly momba ny fizakantena ara-tsakafo, sy ny fandrindrana ny paikadin'ny tolotra ho an'ny mpamokatra (Stratégie de services aux producteurs). Ny fandraisana anjara amin'ity atrikasa ity dia hahafahana miroso lalindalina amin'ny fametrahana sy fandrindrana ny famatsiam-bola amin'ny fampandrosoana ny fambolena sy ny torohay ho an'ny mpamokatra, eo amin'ny sehatra nasiônaly mba hifanaraka amin'ny tena filan'ny mpamokatra. Ireo singa ireo dia ahafahana mamaritra ny mety ho fivoaran'ny fomba fanao sy ny fiaraha-miasa eo amin'ireo andrim-panjakana samihafa izay manatrika.

Ny fandraisan'anjaran'ny delegasiôna malagasy tamin'ity atrikasa ity dia notanterahina tao anatin'ny tetikasa PAPAM vatsian'ny Agence Française de Développement (AFD) vola.

***Aly***

Morondava

# Mitaraina ireo ben'ny tanàna amin'ny fitantanana ny volan'ny CIAD

Mitaraina ireo ben'ny tanàna ato amin'ny distrikan'i Morondava faritra Menabe, amin'ny fitantanan'ny solombavambahoaka Tsiliva ny volan'ny Ciad, satria dia tsy araky ny filan'ny kaominina no zavatra atolotra azy ireo ary tsy misy koa ny fakan-kevitra amin'ireo ben'ny tanàna amin'ny zavatra laharam-pahamehana ho an'ny kaominina tsirairay. Ampitoviana daholo ny an'ny kaominina nefa dia samy manana ny laharam-pahamehana ho azy , raha jerena ny tamin'ny 2021 dia loko no novidiana sy nozaraina ho an'ireo kaomnina, ka dia sady gaga ireo ben'ny tanàna no nanontany tena hoe handokoana inona ireto , noraisina tsy fidiny iny hoy ireo ben'ny tanàna raha jiro kosa ny 2022, izay tsy mifanaraka amin'ny filan'ny kaominina, satria dia resaka fampitaovana ny sekoly ny an'ny kaominina sasany raha tsena ny sasany ary tobim-pahasalamana ny hafa. Samy manana ny laharampahamehana ho azy ny kaominina mandrafitra ny distrikan'i Morondava, ka hany herin'izy ireo dia nitaraina tamin'ny minisitry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana Tokely Justin nandritra ny fandalovany nitsidika ny faritra Menabe. Arak'izany, tsy dia mifanaraka loatra ny samy olomboafidin'ny fitondrana ao amin'ny renivohitry ny faritra Menabe.


***Rajepa***


*Ben'ny tanàna sasany, ao amin'ny distrikan'i Morondava.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 406**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0405)

***Mitsivalana***
- Mareina
- Ana – OH
- Ranomena
- Heloka (miv)
- Rà – IN – No (miv)
- Ovaina
- Soa – Tia (miv)

***Mitsangana***
- Marary
- Anaka
- Rano – OO
- Oliva
- Nomena
- Hehy (miv) – IA
- Ony
- Tantara (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 406

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | |
| 2 | | | | | | ■ | | | | ■ |
| 3 | | | | | | | | | ■ | |
| 4 | | ■ | | | | ■ | | | | |
| 5 | | ■ | | | | | ■ | | | |
| 6 | | | | | | | | ■ | | |
| 7 | | | | | ■ | | | | | |
| 8 | | ■ | | | | | | | ■ | |
| 9 | | | ■ | ■ | | | | ■ | | |
| 10 | | | | | | | | | | ■ |

**Mitsivalana**

**1.** Lakile **2.** Vovoka maloto – Aro orana **3.** Nasitrika **4.** Mpanondro – Tafasiry (miv) **5.** Reny – Miloko mena lalandava **6.** Bika – Anelanelan'ny teny **7.** Fanampin'anarana – Fotoana maizina (miv) **8.** Trano fitsangatsanganana (miv) **9.** Kianteny – Kary (BR) – Repoblika Malagasy **10.** Volana Malagasy

**Mitsangana**

**A.** Famoronana **B.** Mari-drefy – Faran-teny – Simba sy masiso (miv) **D.** Niova toerana **E.** Tany sy ny vahoaka ao aminy (miv) **F.** Notaperiny – Fototenin'ny fanasana **G.** Haingana (miv) **H.** Fanaovana laoka – Ankizy ao amin'ny fianakaviana **I.** Anaran-tanàna – Tsirin-teny Mpifanao **J.** Bibilava – Ao @ vava (miv) – Mpanoritra anarana **K.** Mpanao fahadisoana (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0405

**Mitsivalana**

**1**.Mpamosavy **2.** II - Iray (miv) **3.** Fanjaitra **4.** Angano - Iva **5.** Nianatra **6.** La (miv) - Ro (miv) - Anay **7.** Rainay - Ana **8.** Na (miv) - Anao - Dr **9.** Kih(o) - Ariary **10.** Lioka (miv) - OH

**Mitsangana**

**A** Mifanaraka **B.** Anilany **D.** Ainga - Ha **E.** Mijanona **F.** Anaranao **G.** Toy (miv) - Iray (miv) **H.** Tia (miv) - Ra - Lio (miv) **I.** Variana **J.** Vary (miv) - Andro **K.** Hiraina (miv)